

Arahabaina ianareo rehetra tsy an-kanavaka nahatratra ity taom-baovao 2024 ity !
Happy New Year 2024 for all of you around the world !
Heureux Nouvel An
2024
La vie est un parfum d'émotions, pourquoi la gâcher avec de la colère et de la rancœur? Souriez, éliminez de votre vie ceux qui éteignent votre sourire et entourez-vous de tout ce qui peut illuminer votre sourire, mais aussi votre âme.
Jeannot Ramambazafy

Alatsinainy faha-1 Janoary 2024, 00 : 30. Tratra ilay taom-baovao nandrasana nandritra ny 12 volana. Tao ny nandao antsika tsy afaka nisafidy f'izay ny lahatra ; tao ireo tonga teto an-tany tsy nangataka izany. 8 miliara mahery izao ny isan-tsika olombelona ao amin'ireo kontinanta miisa enina (6) dia :

Afrique : misy firenena 54 ka anisay ny Nosintsika Madagasikara

Asie : misy firenena 48

Europe : misy firenena 44

Amérique latine sy Caraïbes : misy firenena 33

Océanie : misy firenena 14

Amérique du Nord : misy firenena 2 dia Canada sy Etats-Unis.

Ka inona moa izay olom-bitsy miana-kendry eo anatrehin'izany amaroana izany ?

Izaho manokana aloha, raha ny taona 1954 nahaterahako no raisina, dia feno 70 taona androany aho. Efa zokiolona tokoa leiretsy a ! Efa nahita sy niaina zavatra tranga maro maneran-tany. Ary mbola hitohy raha sitrak'Andriamanitra.

**Ny any torohevitro raha te-hateza ?**

Toa ranomanitra feno fihetseham-po io fiainana io, koa maninona no simbaina sy lotoina amina

atezerana sy alahelo ?

Mitsikia, mihomeheza ary foano eo amin’ny fiainanao ireo rehetra izay hanamaloka ny endrikao ka hamono izany fitsikinao sy tsikinao izay.

Ataovy manodidina ny fiainanao mandavan-taona ny rehetra (na olona na ny tontolo iainanao) ampibalika ny tsikinao sy hampihitra ny fanahinao. Izay no atao dia ho tanora lalan-dava ianao.

Fa afaka tezitra kosa ianao fa fadio ny manota !

Dia arahabaina isika rehetra nahatratra ny taona 2024 e !

**Jeannot RAMAMBAZAFY sy ny Ekipan'ny MADAGATE.ORG**